# Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Septambra 2019

# 1 **Alahady** septambra

**Arovy aho, Andriamanitra ô, fa mialoka aminao aho.** Salamo 16. 1

**Ny saina tsy miovaova dia harovanao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky Anao izy.**
Isaia 26. 3

### Apetraho amin'Andriamanitra ny fiainanao

*Apetraho amin'Andriamanitra ny fiainanao,*
*Ireo tahotrao sy ireo fanirianao,*
*Satria ny fahasoavany tsy misy fetra*
*Dia miahy anao avy any an-danitra any.*

*Rehefa mitantana ny kintana sy ny rivotra*
*Eny ana habakabaka eny Izy,*
*Tsy heverinao ve fa manoritra*
*Ny lalana ho an'ireo zanany ?*

*Aoka ho Izy no fanantenanao,*
*Na amin'ny andro tsara na amin'ny andro ratsy ;*
*Aoka ho Izy no hany vonjy ho anao,*
*Ao anatin'ny fahoriana.*

*Lazao Azy ny alahelonao rehetra,*
*Ireo tahotrao, ireo fijalianao ;*
*Izy no nandrava ny fatoranao,*
*Izy koa no hamafa ny ranomasonao.*

*Izy no fitiavana faratampony,*
*Izy no lalana marina.*
*Manatòna Azy, satria tia anao Izy.*
*Manatòna ! Manolo-tanana anao Izy.*